**MANOMPO TAHAKA AN' I JESOSY**

Raphaël Grin

Raha toa ka tsy kristiana ianao  dia ahoana no fomba fijerinao ny fivavahana kristiana, indrindra ireo Kristiana?
Ny fanadihadihadiana nivoaka tamin'ny gazetiboky kristiana iray dia naneho finakianana fototra 4 mikasika ireo Kristiana:

- Tsy mihaino ny olona izy ireo
- Mitsaratsara
- Manahiran-tsaina ny olona ny finoany
- Milaza izay voarara, ny ratsy, ny fahotana izy ireo fa tsy ny azo atao, ny tsara sy ny marina." (Ph. Yancey, Vanishing Grace)

Tamin'ny fanadihadiana iray hafa tamin' ireo mponina eo anelanelan'ny 16 taona sy 29 taona dia napetraka izao fanontaniana manaraka izao: Manao ahoana ny fahitanao ny fivavahana kristiana?
Indreto ireo valim-panontaniana nateti-pitranga:
- 70% Any ivelan'ny zava-misy
- 70% Tsy taitra amin'ny zava-manjo ny hafa
- 78% Lany andro
- 85% Mihatsaravelatsihy
- 87% Maika ny hitsaratsara
- 90% Manohitra ny firaisan'ny lahy sy ny lahy na ny vavy sy ny vavy.

Kanefa Jesosy dia manankina amintsika ny iraka hitondra ny VAOVAO MAHAFALY ho any amin'izao tontolo izao, ary ny teny baikon'ny fiangonantsika mandritra izao dimy taona izao dia ny hoe "Manatratra izao tontolo izao."
Ny fihaonan'I Jesosy tamin'ilay vehivavy samaritana dia maneho ireo dingana nataon'I Jesosy mba hitondrana ny Vaovao Mahafaly tamin'io vehivavy io ; na ny tontolon-kevitra fotsiny aza dia efa tena manahirana, ny fitsaratsarana mialoha sy ny fomba fijery tsy mahomby no mameno ny toe- tsain'ireo mpianatra.

Hitantsika eto ny fomba niresahan' I Jesosy tamin'ity vehivavy ity sy ny fomba nihainoany ireo filàna samihafa ary ny fomba namaliany izany.

## I. <u>Mamaly ireo filàn'ny olona i Jesosy. Jaona 4:4-15</u>

Tsy kisendrasendra no naha-teo ity vehivavy ity. Ny fahatongavany teo am-pantsakana tamin'ny mitataovovonana dia maneho toe-javatra manokana iray teo amin'ny fiainana, ratra sy henatra angamba ary filàna maromaro.

1. *Filàna ara-batana*

a) Nanomboka naneho fahalianana tamin'ny filàna fototra I Jesosy Jaona 4:7
Izay notadiaviny sy zavatra ilainy dia rano… ary tsy misy mahita (ho resahin'i Jesosy ny mahakasika an'io fitondrantena io aoriana). Mandinika Jesosy, manadihady, mametra-panontaniana, maneho fahalianana ary maka fotoana mba ahatakarana ny toe- javatra iainan'ity vehivavy ity Ny mahakasika an' ilay vehivavy aloha no nasongadiny izay vao ny momba ny tenany sy ny zavatra tiany hambara.
Kanefa nandeha lavidavitra kokoa noho ny fanampiana mahazatra fotsiny toy ny hoe nisintona ny tady sy nameno ny siny izy. Niezaka ny hitondra valinteny mahafaoka ireo filàny ara-batana i Jesosy. Maniry ny haneho aminy izay zavatra tsara indrindra azony atolotra Izy: " rano izay tsy ilaina intsony ny mantsaka azy, sady amin'izay, tsy ilaina intsony ny mandany ny hery ara-batana ary tsy hisy hatsembohana ihany koa," kanefa tsy ho ritra intsony. Atolotr'I Jesosy azy ny fanapenana ireo loadoaka eo

amin'ny fiainany.

2. *Ireo filàna ara-pifandraisana sy ara-piaraha-monina*

- Ny olan'ity vehivavy dia olana ara-piaraha-monina: ny fifandraisana ara-poko eo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana. Ny firesahana amin'ny lehilahy Jiosy dia tena nanahiran-tsaina azy fatratra sady mifanohitra amin'izay nianarany sy niainany teo amin'ny lafiny ara-piaraha-monina sy ara-politika.Toa misy olana ihany koa eo amin'ny fifandraisany amin'ny hafa satria tsy fotoana fantsakana ny mitataovovonana. Ny antony: te-hiafinafina izy, tsy te-hifanena amin'ireo mponina, satria nanana vady 5 izy ary manao tokantrano maso. Ny fosafosa sy ny resabe dia mora miparitaka ary tena manimba zavatra. Toa manirery izy, tsy misy fifandraisana amin'ireo havana aman-tsakaiza, ireo mpifanolo-bodirindrina sy mponina eo an-tanàna, eny mety ho ny fianakaviany mihitsy aza.
- Manana olana eo amin'ny fifandraisana izy: misy ny elanelana eo emin'ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy.
- Manana olana ihany koa izy eo amin'ny lafiny ara-politika sy ara-pivavahana; nolazainy ireo fifandonana nentim-paharazana teo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana.

Antony 3 izay nampihataka ity vehivavy tamin'ny fiaraha-monina nisy azy: antony ara-piaraha-monina, ara-pifandraisana, ary ara-politika sy ara-pivavavahana mitambatra.

Tsy araka izay ampoizina anefa fa dia niresaka tamin'ity vehivavy ity i Jesosy. Nametraka fifandraisana izy na dia voarara aza izany tamin'izany vanim-potoana izany. Azo sary an-tsaina ny fisafotofotoana niainan'ity vehivavy ity, i Jesosy sy ireo mpianatra tamin'io andro io.

3. *Filàna araka ny rafitsaina (psikolojika)*

a) Manana olana ara-tsaina ihany koa ity vehivavy ity: Nanambady indimy izy ary manao tokantrano maso. Mazava ho azy fa tsy araka ny idealy irin' Andriamanitra ho an'ny mpivady izany toe-javatra izany. Tsy nitady ny hanao mody tsy mahita izany toe-javatra izany i Jesosy na handray izany ho tsy misy dikany satria tena olana tokoa izany. Kanefa tsy nodiany tsy hita ihany koa ny fitondrantena ratsy sy ny olana ary ny safidy diso izay nataony.

b) Tsapany fa ity vehivavy ity dia nila olona nihaino sy nahatakatra ary nanampy azy fa tsy fitsaratsarana, sy fandavana, ary fanaovana tsinontsinona na fankahalana. Tamin'ny fiafaran'ny fihaonany tamin' i Jesosy dia toa nahazo fahafaham-po tamin'izay nilainy izy.
Araka izay voasoratra ao amin'ny Jaona 4:28-29, raha nandeha nangingina tany am-pantsakana izy tamin'ny mitataovovonana dia indro fa nihazakazaka tany an-tanàna ary nanentana ny mponina rehetra, tsy nihatakataka intsony izy . Nandresy ny henatra izy.

4. *Filàna ara-panahy*

a) Ny filàna fahaefatra dia filàna ara-pivavahana. Jaona 4:20-26.
Nanomboka tamin'ny toerana jeografika sy teolojika ny adihevitra. Aiza no tena toerana ivavahana? Inona no fomba tsara hiankohofana amin'Andriamanitra? (ny safidy amin'ny hira, ny zava-maneno, ny fisafidianana ny dikanteny ao amin'ny Baiboly, ny filahatry ny fotoam-pivavahana), Inona no azo atao na tsia?) Ary niafara amin'ny lafiny ara-panahy: mivavaka amin' Andriamanitra amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana.

b) Toa very hevitra ity vehivavy ity, nifangaroharo tao aminy ny fisalasalana, ireo zavatra nampianarina azy tamin'ny mbola kely mikasika izay tokony atao rehefa mivavaka amin' Andriamanitra. Izany rehetra izany hoy Jesosy dia tendron'ny vongan-dranomandry ihany, endrika ivelany fotsiny. Fa izay manana ny lanjany dia ireo fakany, ireo fototra, ireo antony sy ny fikasana.

> Ary tamin'ny faran'ny resaka dia fanambarana faratampony izay nataon'i Jesosy: "Izaho no mesia," hoy i Jesosy (Jaona 4:26). Angamba, teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao dia izy no olona voalohany nahafantatra fa i Jesosy no Mesia (Fanambarana izay hitondra an' i Jesosy hohomboana amin'ny hazo fijaliana!).

Mila mifikitra ity vehivavy ity sy mahatsapa fa ilay fiainana izay toa mihantona amin'ny tadikely ka mety ho tapaka amin'ny fotoana rehetra iny, dia azony atokana hanaovana zavatra tsara lavitra noho izay efa nahazatra azy hatramin'izay.
Nila nanana tombam-bidy, sy tanjaka ary nahatsapa ny antom-pisiany izy. Nila nanokana ny fiainany amin-javatra na amin'olona izay manana ny lanjany manokana izy. Nila nivavaka izy. Soa ihany fa teo ny Mesia!

**II. <u>Fiovana ho amin'ny asa fanompoana</u>**

Taorian'io fifanakalozan-kevitra vetivety niaraka tamin' I Jesosy io, dia nisy fiovana mahery vaika teo amin'ity vehivavy ity. Jaona 4:27-30 sy 39-42.

➜niala teo amin'ny maha-hiantefan'ny hafatr'i Jesosy izy ary tonga mpitondra hafatra teo amin'ny manodidina azy. Raha vantany vao voarainy ny hafatra, avy hatrany dia nozarainy.

➜raha izy no nila rano hantsakaina, dia izy indray no lasa loharano izay nanome izay nilain'ny olona manodidina azy. Raha vao nahazo ka feno dia nizara.

➜raha izy no natao anton-dresaka narahina fitsaratsarana mialoha (jereo ny fihetsiky ny mpianatra ao amin'ny and. 27), dia izy indray no nanjary fitaovana nitondra fiovana lehibe ho an'ny tanàna iray manontolo." Raha vantany vao nahazo resaka dia voaova sy nitondra fiovana.

Ireo fiovana ireo dia afaka maneho amintsika ireo fampianarana maro mikasika ny iraka sy ny asa fanompoana ary ny fomba izay nanatanterahan' i Jesosy ny iraka manokana nampanaovina Azy.

**III. <u>Ahoana no ahafahan'ny ohatr'ity vehivavy ity mamolavola antsika ho amin'ny fanompoana?</u>**

Lesona 3 no azo tsoahina avy amin'ny ohatra nomen'i Jesosy handavana, na farafaharatsiny, hanehoana fa tsy marina ireo fomba fijery tany aloha mikasika ny fivavahana kristianina sy i Kristy izay inoantsika.

*1) Fifantohana eo amin'ny olona, amin'ny maha-izy azy*
Misy ohabolana-n'ny Quakers manao hoe: "Ny fahavalo dia olona izay tsy mbola rentsika ny tantarany". Raha lazaina amin'ny fomba fiteny hafa dia izao, tsy ampy ny fotoana sy ny hery ampiasaintsika hahitana sy hahafantarana ny fiainana, ny tontolo iainana sy ny toe-javatra iainan'ireo olona manodidina antsika, izay niantsoana antsika mba hijoro ho vavolombelona.
Ny ohatra nasehon'i Jesosy tamin'ilay vehivavy samaritana dia maneho amintsika ny fahaizany nihaino azy, na dia teo aza ny fitsarana an-tendrony sy ireo fitsipika ara-tsosialy sy ara-pivavahana nisy tamin'ny androny.
Liana tamin'ity vehivavy ity amin'ny maha-olona manokana sy feno azy Jesosy, fa tsy amin'ny maha-mpikambana azy ao amin'ny vondron'ny "vehivavy", na ny vondron'ireo "tsy manaja ny lalàna masina" na ny vondron'ny "samaritana fahavalon'ny jiosy."
Ity vehivavy ity no hitan'i Jesosy fa tsy vondrona, na vahoaka, na firenena na fokon'olona.
Raha atao amin'ny teny tokana dia fomba tsotra no nampiasain'i Jesosy: fitiavana, fitiavana ny fahavalo.
Ny raby Jonathan Sacks, izay raby lehiben'ny Angletera dia nanamarika fa "Ao amin'ny andininy iray monja ny Testamenta Taloha no mandidy hoe: Tiava ny namanao tahaka ny

tenanao. Fa ao amin'ny andininy 36 hafa izy, dia mandidy antsika hitia ny fahavalontsika. Nilaza koa izy fa ny fihaikana faratampony dia ny mahita ny endrik'Andriamanitra eo amin'ny olona tsy araka ny endritsika." (Ph. Yancey, Vanishing Grace).
Mitia ny fahavalo…. kanefa izaho tsy manam-pahavalo…. Mpitsikera vitsivitsy angamba, na olona izay tsy dia mifanaraka tsara amiko, na olona izay tsy ankasitrahako ny heviny, ny toetrany, ary ny safidiny. "Vehivavy Samaritana" izay tsy mitovy fitondran-tena sy firenena amiko sy ny fitsipi-piainako. Fa tsy tena fahavaloko.
Raha tena jerena dia ny marika apetako amin'ny hafa no tena olana. Ny fanontaniana mipetraka dia tsy ny fiombonako hevitra amin'ny olona iray na tsia, fa ny fomba hifandraisako amin'ny olona izay tsy miombon-kevitra lamiko mihitsy. (Ph. Yancey, Vanishing Grace)
Ny fihetsika nasehon'i Jesosy tamin'ity vehivavy ity dia mampiseho ny fomba fitantanany ny "fitiavana ny fahavalo", ny fomba nifandraisany tamin'ny olona tsy niombon-kevitra taminy:
• tamin'ny alalan'ny fihainoana
• tamin'ny alalan'ny fieritreretana izay hahasoa ny hafa
• tamin'ny alalan'ny fijerena ireo zavatra ilain'ny olona
• tamin'ny alalan'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny olona, fa tsy izay tiako/inoako/eritreretiko/zavatra takatro.

Andriamanitra ô, ampio aho mba hijery ny hafa, tsy ho tahaka ny fahavalo na olona tsy mendrika, fa tahaka ny olona mangetaheta. Ary omeo herim-po sy fangoraham-po aho hitondrako ny Rano Velona, izay hany tena afaka manala hetaheta." (Ph. Yancey, Vanishing Grace)
Fomba hafa hananana io fahazarana sy fitiavana io dia ny fametrahan ny fanontaniana amin'ny fomba an-kolaka: "Oviana aho no mba nahatsiaro fa tena nanehoana fitiavana ? na nohenoina tsara izay nolazaiko ? na nahatsapa fa ilaina aho ? na nokarakaraina tsara aho tamin'izaho naratra ? na nomena fanomezana tsy nampoizina ?" (Ph. Yancey, Vanishing Grace).
Ity misy sedra hamantarantsika fa tiana isika : moa ve faly ny hafa rehefa miaraka amin'izy ireo aho ? Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia izao : "Voici un bon test pour savoir comment nous aimons : hain'i Jesosy ny nisarika ireo olona izay nohamaivanina sy ratsy ny fijerin'ireo mpitarika ara-pivavavahana azy ireo ; ireo karazan'olona ireo anefa dia tena tia niaraka tamin'i Jesosy. (Ph. Yancey, Vanishing Grace).

*2) Fomba fiasa amin'ny olona manokana*
Ny lesona faharoa omen'i Jesosy ao amin'ity lahatsoratra ity dia ny fahitana fa niala tamin'ny fomba fanao Izy. Sahy niresaka tamin'ity vehivavy ity Izy, ary tsy nisalasala niresaka tamin'ny fomba tsy noeritreretina, fa tsy nanaraka ny lala-mahazatra.
Ohatra hafa ao amin'ny Baiboly no ahafahantsika maneho an-tsary izany hevitra izany: Davida, tamin'ny ady nataony tamin'i Goliata
• 1 Samoela 17:23-26: Mahafinaritra ahy ny mahita ny fihetsik'i Davida eto : "Tsy mety izany, tsy afaka hanaiky ny faniratsirana ataon'i Goliata isika." Ho an'i Davida dia tsy resaka voninahitra na lanjan'ny maha-olona no voakasikasika eto, fa ny finoany an'Andriamanitra mihitsy voatohina eto. Andriamanitra mihitsy no notsiratsiraina.
David a cette force, que visiblement ses frères ont perdu, de se révolter, de ne pas accepter les choses telles qu'elles sont, et de vouloir mieux.
Bien sûr, les soldats expérimentés et bien-pensants parleront d'utopie, de folie de sa part.
J'aime aussi la réponse de Saül, au verset 37 : "engage-toi, lance-toi."
Et même mieux, Saül va le soutenir.
Nanana ny hery, izay tsy nananan'ny rahalahiny i Davida eto. mba hikomy sy tsy hanaiky ny toe-javatra tahaka izany sy hanao zavatra zavatra tsaratsara kokoa.
Mazava ho azy fa ireo miaramila za-draharaha sy mieritreritra tsara dia mihevitra izany ho toy ny nofin-gadra fotsiny ihany sy toy ny hadalana.
Tiako ny valin-tenin'i Saoly ao amin'ny andininy faha-37 : "Mandehana, ary homba anao anie Jehovah."
Mihoatra noho izany aza, hanohana azy i Saoly.

• 1 Samoela 17:38-39 : ny fidiran'i Davida an-tsehatra teo amin'ny ady. Toa mety tsara ny tetik'i Saoly : fomba efa voaporofo fa mahomby no natorony azy : fiadiana sy fiarovan-doha ary sabatra.
Raha nety tamin'ny mpanjaka izany, dia tokony ho mety ihany koa amin'ilay mpanjaka ho avy. Tsy nety tamin'i Davida anefa izany. Tsy nety tamin'i Davida ny fiadiana sy fiarovana nananan'ny Mpanjaka!!! Tsy mbola nanandrana izany mihitsy izy. Tsy afaka ny hampiasa zavatra tsy mety aminy izy. Tsy maintsy miala amin'ny fanao mahazatra izy, tsy afaka ny hampiasa ny "fomba nahazatra ny mpanjaka" izy. Tsy nifanaraka taminy, sy tamin'ny zavatra ilainy sy ny ady atrehany izany. Noho izany, sahiny ny nanda izay natolotry ny mpanjaka azy.

• 1 Samoela 17:40 : ny fitaovana izay efa nampiasainy ary efa nahazatra azy no nosafidiany: vato dimy, antsamotady ary (and. 45) ny anaran'i Jehovah.
Fa nahoana no vato dimy? Tsy ampy azy ve ny anankiray? Manetry tena i Davida, fantany fa mety tsy ho voany ny lasibatra. Kanefa mialoha ny zavatra rehetra dia nametraka ny fitokisany tamin'Andriamanitra izy.
Na firy na firy ny taonany, ny fanazaran-tena nataony, ny trai-kefa nananany, ny fiadiana nananany, na inona na inona fihaikana, na fahavalo natrehany, dia Andriamanitra irery ihany no loharanom-pandresena.
Inona avy ireo vato dimy ananatsika? Inona avy ireo hery, ireo fahalalana, ireo fahafaha-manao, ireo fahafaha-mamorona ananantsika? Inona avy ireo sehatra manavanana antsika: ny zavakanto, ny fahasalamana, ny fifandraisana, ny fanampiana, ny fampianarana, sns. ?

*3) Sahia mihoatra ny fetra*
Ny lesona fahatelo nomen'i Jesosy dia ny fahasahiany nifandray tamin'ity vehivavy ity, izay mety noheverin'ireo mpianany, sy ireo jiosy maro hafa ho toy ny fihantsiana, ary mety hanapotika ny lazany sy ny fahamasinany mihitsy azy.
Jesosy dia niresaka… tamin'ilay vehivavy…. samaritana…. nanambady , nisara-panambadiana , nanambady , nisara-panambadiana , nanambady , nisara-panambadiana , nanambady , nisara-panambadiana , nanambady , nisara-panambadiana…..ary mbola miara-mipetraka amin'ny lehilahy fahenina!
Sahinao ve ny:
• Handady amin'ny tany, eo anivon'ny vahoaka marobe, mba hikasika zoron-damban' akanjon'olona iray izay lazaina fa heverina fa mety hiteraka fahagagana, amin'ny fanantenana, fa hanasitrana anao izany?
• Hihanika hazo ary hisarika ny maso rehetra ho eo aminao, nefa ianao halan'ny olona sy ataony tsinontsinona satria ianao mangalatra ny volany sady izay indray mbola miasa ha an'ny firenena fahavalo?
• Hanendaka ny tafo-tranon'olona iray manan-kaja, ary hampidina fandriana misy ny namanao malemy izay mandry eo amboniny avy eo, satria izy dia mino fa ilay raby mpanao fahagagana dia afaka manasitrana azy ?
• Hiantso olona mandalo, nefa tsy hitanao izy satria ianao jamba, nikiakiaka mafy na dia nampanginina aza, nitsangana izy na dia tsy nahita aza, navelany hatramin'ny asany fa mpangataka izy mba hahafahany niresaka tamin'ity raby mpanasitrana ity?

Misy namako vehivavy iray mipetraka any Myanmar amin'izao fotoana izao, miaraka amin'ny vadiny. Mpampianatra teny Frantsay ao amin'ny sekoly iray izy, ary izy mivady dia samy miasa ao amin'ny Fikambanana kristianina iray. Mipetraka ao amin'ny trano kely iray izy, tsy misy afa-tsy varavaran-kely iray ny tranony, ny rano dia tsy azo sotroina raha tsy ampangotrahina, ary ireo trano vita tamin'ny vy fotsy no mba hany azo jerena avy eo ambaravaran-keliny.

Vao haingana dia naheno ny fanandramana niainany aho. Raha nandeha nampianatra anizy iray izy, ka nanontany an'ilay ankizy izy raha toa nahafinaritra azy ny fianarana, raha mbola niakatra tamin'ny ascenceur iny izy ireo. Estelle- io no anaran'ilay namako. Tamin'izay dia nisy vehivavy iray nanontany azy hoe : mo ave mpampianatra ve ianao? Inona no

ampianarinao? Ny teny frantsay? Te-hianatra teny frantsay aho…. Dia nifanakalo nomeraon-telefaonina izy mirahavavy. Miasa any amin'ny banky lehibe iray ny vadin'io vehivavy io ary mipetraka ao amin'ny trano lehibe raitra sady lafo vidy izy ireo, ny an-dry Estelle kosa dia trano tsy zarizary no nipetrahany.
Mitondra fiara tsara tarehy izy, fa i Estelle kosa anefa mandeha amin 'ny fitateram-bahoaka na koa "taxi" rehefa tena ilaina izany, satria tena vola be tokoa izany ho an'i Estelle. Efa kristianina i Estelle talohan'ny nampianarany ilay vehivavy mpanankarena. Tena sorena ilay vehivavy indray andro. Notantarain'i Estelle taminy fa izy dia mitsidika ireny toerana fitaizana zaza kamboty ireny. Nangataka tamin'i Estelle ilay vehivavy mba hiaraka aminy indray andro… Dia nanaiky i Estelle, tamin'izay dia nirotsaka teo amin'ny tavan'ilay vehivavy ny ranomasony. Indray mandeha isan-kerinandro dia nandeha nampianatra zavakanto ireo ankizy tao amin'ilay toerana fitaizana zaza kamboty ilay ramatoa entin'ny mpamily azy miaraka amin'ilay fiara tsara tarehy. Dia nankany indroa isan-kerinandro izy. Nanjary hainy ny nanetry tena sy nampifanaraka ny fiainany tamin'ny zava-misy : akanjo « jeans » no nanaovany ary tafatorombona tamin'ny tany niaraka tamin'ireo ankizy sady afaka nampahery azy ireo.
Fampianarana teny frantsay fotsiny, dia niteraka zavatra tsy nampoizina nitranga, miseho indray ilay hoe miala amin'ny fanao mahazatra ...

Fanandramana hafa :
Tokony handeha ho any Inde ny olona iray handeha hamangy fianakaviana. Mila taratasy fanomezan-dalana (visa) izy amin'izany. Nandritra ny tapa-bolana izy dia nankany amin'ny masoivohon'i Inde izy hikarakarana an'izany. Nandritra izay fotoana izay anefa dia lavabe foana ny filaharana, ary tsy tafiditra mihitsy izy.
Niverina tany izy ny Talata tamin'ny 7 ora maraina, adiny roa sy sasany alohan'ny fisokafan'ny vavahady sady nangataka tamin'Andriamanitra mba hanampy azy. Nijanona teo nandritra ny tontolo andro izy...kanefa tsy tafiditra. Niverina tany indray izy ny ampitson'iny tamin'ny 5 ora maraina, sady mbola nangataka an'Andriamanitra ihany mba hanampy azy. Nandany ny tontolo androny teo izy, ary tafiditra ihany fa an'isan'ireo farany... Tena nahasosotra ny toe-javatra toy izany, fandaniam-potoana goavana ihany koa... satria nandritra ny telo andro dia nilahatra niaraka tamin'ny olona avy any amin'ny tany samihafa sy miteny fiteny samy hafaizy. Nandritra izany fotoana izany dia tsy nisy nataony afa-tsy ny niresaka tamin'ny olona samihafa. Noho izany dia afaka niresaka momba an'Andriamanitra nampiasa fiteny efatra samy hafa izy tamin'ny "hindous", "bouddhistes" ary nisy jiosy iray ihany koa aza...

Matetika isika no manomana programa, na tetikasa, na kaoferansa, kanefa Andriamanitra dia mampiasa ireo zavamisy eo amin'ny fiainana andavanandro... amin'ny fomba tsy ampoizintsika!
Ireo vehivavy sy lehilahy ireo dia sahy niala tamin'ny fomba mahazatra, nampiasa fomba sahisahy sy mety mampidi-doza mihitsy aza.

Sahy nanantona an'ireo lehilahy sy vehivavy izay nolavin'ny fiaraha-monina i Jesosy, nitady ny fomba fifandraisana amin-kitsimpo sy lalina tamin'izy ireo Izy, sy niezaka nahafantatra ny zavatra nilain'ny tsirairay avy ... mialoha ny nanomezany izay nilain'izy ireo.

Moa ve isika manana fahasahiana ampy, fangoraham-po, sy faharesen-dahatra, mba hanompo tahaka an'i Jesosy?

ANTSO

1) Fanavaozana ny fanoloran-tenantsika ho an'Andriamanitra.
2) Fangatahana ny fahasoavan'Andriamanitra mba hanova ny fomba fijerintsika

ny iraka ampanaovina ny fiangonana.

3) Fahavononana hanompo tahaka an'i Jesosy amin'ny fampiasana ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika.

PROGRAMA SABATA HARIVA

I. Vakio ny Rom. 12:1-2. Ahoana ny fahazahoanareo ny atao hoe : « fanoloran-tena » ?
➔ Fitondrana am-bavaka

II. Inona avy ireo zavatra tokony hovana eo amin'ny fomba fijerintsika ny atao hoe : « iraka ampanaovina ny fiangonana. » ?
➔ Fitondrana am-bavaka

III. Fantatrao ve ireo fanomezam-pahasoavana anananao ? Amin'ny fomba ahoana no ampiasainao izany ?
→ Fitondrana am-bavaka